

ERICK MANANA SY JENNY

## Niaiky ny fahaizan'i Jenny ny mpijery

*Ny Faritra Atsinanana no nisantaran'i Erick Manana sy Jenny ny seho tontosain'izy ireo eto Madagasikara amin'izao fandalovany izao. Tamin'ireo toerana naleha, niaiky ny fahaizan'i Jenny Führ avokoa.*

**M**oramanga ny zoma 3 jona teo. Seho notontoasaina tao amin'ny Bezanozano Hôtel. Nihazo an'i Toamasina tao amin'ny Bateau Ivre, ny asabotsy 4 jona. Niraisan'ireo seho roa ireo, ny fandraisan'ny mpanakafy ny kanto fatratra ny tolotra nomen'ireto mpanakanto ireto. Nanaitra hatrany ny fandraisan'ny olona an'i Jenny, satria tsy nisy nanampo mihitsy ny fahaizany. Vao nanomboka tamin'ny "Afindrafindrao", hiran-dRazilinah dia efa nanaitra ny fahaizany nanaraka izany tamin'ny lokanga. Nitohy tamin'ny fanarahany

sodina na lokanga ireo hiran'i Erick Manana taloha, toy ny "Rakoto Frah", "Mitsonika aminao", "Vakoka", "sns, izany. Nahafaly sy nampiaiky ny mpijery ihany koa ny fahenoana azy mihira, satria tsy misy kianina fa mazava be toy ny Malagasy ihany izy mihira.

Nanome santionany tamin'ireo hira hatao ao anatin'ny "2cv-Drandria" rakitsary iarahany i Jenny Führ sy Erick Manana rahateo izy ireo. Anisan'izany ny hira "Feombaliha takariva", Fotoana nafana koa ny nihiran'izy ireo ny vazon'ny tarika Lôlô sy ny tariny, satria vahiny tsy

nampoizina i Bebey. Namarana ny seho roa ny fandraisana anjaran'i Rija Ramantanoanina, izay sady tompoan'andraikitry ny MiRitsoka Production mikarakara izao hetsika izao.

Ny 10 jona sy 11 jona,

any Antsirabe indray no hifamotoana amin'ny mpanakafy azy ireto mpanakanto ireto. Eto Antananarivo (Ccesca) kosa ny 18 jona sy 19 jona.

**Nanangona : HaRy Razafindrakoto**



*Erick Manana sy Jenny Führ.*

GAZETY MALAGASY MIVOAKA ISAN'ANDRO

# TARATRA